Tsy ny governemanta ihany 3

# Fa ny filoha Rajoelina ihany koa no tsy alehany

Tononkira
HIRAM-PANDRESENA
Bodo 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Filohan'i Haiti 3

## Maty nisy namono tao an-tranony ny filoha Jovenel Moïse


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 8 jolay 2021 Laharana 1182 Vidiny : **400 Ar**


TIM 19 taona 2

# Mijoro hatrany ireo mpikambana mpanorina



Noho ny ataon'ny fitondrana Rajoelina 3

# Fahafaham-baraka hatrany no miseho eto amintsika




Vehivavy TIM Analamanga 3

# Hanao hetsika lehibe ny sabotsy izao



Ambatolampy 7

# Mety hampidi-doza ny fandanjana kamiao ao



**Jirama** 6

Hikorontana ny famatsian-drano amin'ny toerana maromaro anio

**Ambanja faritra Diana** 6

Orinasa mpanamboatra basy sy bala saron'ny zandary

**Daka kely**

Tsy mahalala fomba mihitsy ny mpitondra teninareo ry Boaikely a !

TIM 19 TAONA

# Mijoro hatrany ireo mpikambana mpanorina

Mitohy hatrany ny fanamarihana ny faha-19 taona nijoroan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), antoko najoron'ny filoha Ravalomanana nahazo fankatoavana ara-panjakana ny 3 jolay 2002. Tamin'ity herinandro ity, fanohizana ny fihaonana amin'ny fototra, ao anatin'ny fanetsehana indray, na redynamisation ny antoko, no ataon'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana eny amin'ny trano fonenany eny Faravohitra, mihaona amin'ireo mpitarika eny ifotony avy amin'ny kaominina, distrika ary ny faritra. Anisan'ny namabaran'ny filoha Ravalomanana tamin'ireny fihaonana ireny fa : « tao anatin'izay 19 taona niorenan'ny Antoko Tiako i Madagasikara izay dia mbola mijoro hatrany ireo mpikambana mpanorina.



*Ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana.*

Tohizo ny lalantsika », hoy i Dada. Ao anatin'izany no iezahana mandravona ireo mety olana anatiny ao anivon'ny antoko ary ny fanambarana ny fisokafan'ny TIM amin'ny sokajin'olona tsy ankanavaka, izay mankasitraka ny foto-kevitra demokraty kristiana. Tsy vitsy ireo nisintaka kely niala tao amin'ny antoko nandritra izay fotoana izay, iaraha-mahalala ny fampizarazarana natao tamin'ity antoko ity hatramin'ny fotoanan'ny tetezamita, maro koa anefa no miverina am-bala ankehitriny, fotoanan'ny famondronana ny hery izao, araka ny nambaran'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana ihany.

**Isambilo**

Vehivavy TIM Analamanga

# Hanao hetsika lehibe ny sabotsy izao



Rantsana lehibe ao anatin'ny antoko Tiako i Madagasikara ny vehivavy TIM. Somary natoritory ireto farany nandritra ny fotoana elaela, tao aorian'ny tolona ho famerenana ny filoha Marc Ravalomanana eto antanindrazana, taorian'ny fanonganam-panjakàna notarihan'i Andry Rajoelina ny taona 2009. Vita iny ny tolona na mbola amin'ny ampahany aza, satria ny tanjona dia ny famerenana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM hitondra any Madagasikara indray ary hanarina ny firenena izay tena potika tanteraka ankehitriny. Vokatr'izany, hijoro hanabe voho sy hampiroborobo ny antoko TIM ny vehivavy TIM Analamanga, ho hesorina ao anatin'izany ny tahotra, ka ho fitaratra ho an'ireo vehivavy marobe manerana an'i Madagasikara. Hisy araka izany ny fisehoana ataon' ireo vehivavy TIM ho fantatry ny rehetra, fa misy ireo Andriambavilanitra manao politika ao amin'ny TIM, izany dia hatao ao amin'ny QG Bel'Air Ampandrana ny sabotsy izao hanomboka amin'ny 10 ora maraina, izay hatrehin'ny birao politika nasionaly. Efa nisy ny hetsika ara-tsosialy natao teo aloha ho fitsinjovana ny gadra politika miisa 12 mianadahy, miampy an'i Berija; teo ihany koa ny hetsika nanaovan'ny vehivavy TIM vaksiny rehefa naheno ny antson'ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo. Nanomana izany hetsika izaany tetsy Bel'Air izy ireo omaly, solontena ihany no nanatrika izaany, fa ny sabotsy izao dia hanasan'izy ireo ny vehivavy rehetra tsy ankanavaka.

**Helisoa**

Fanadinana CEPE tany Alasora

# Olona miisa 1800 nampisakafoan'ny kaominina maimaimpoana



*Ny ben'ny tanànan'Alasora, nizara sakafo maimaimpoana, ho an'ireo mpanala fanadinana CEPE tao Alasora.*

Olona miisa 1800 teo no nampisakafoanan'ny kaominina Alasora Antananarivo Avaradrano maimaimpoana ny atoandron'ny talata lasa teo nanatanterahana ny fanadinampanjakana CEPE nanerana ny Nosy. Ireo nampisakafoan'ny kaominina maimaimpoana ireo dia ireo ankizy mpianatra nanala ny fanadinana CEPE tao amin'ny ZAP Alasora, ireo mpampianatra niandry ireo mpanala fanadinana ary ireo ray aman-dreni'ny mpianatra nanatitra ny zanany nanao fanadinana. Efa fanaon'ny kaominina isan-taona ny fizarana sakafo masaka ho an'ny mpanala fanadinana CEPE toy izao, mba hanalana fahasahiranana ireo mpianatra manala fanadinana sy ireo ray aman-dreny manaraka azy ireo avy amin'ireo fokontany miisa 20 mandrafitra ny Kaominina Alasora, hoy ny ben'ny tanànan'Alasora Avaradrano Jimmy Randriantsoa, ben' ny tanàna voafidy tamin' ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) nanditra izany. Ireo mpianatra nanala fanadinana CEPE sy ireo mpampianatra niandry ireo mpiadina ary ireo ray aman-drenin'ny mpianatra tao amin'ny foibempanadinana EPP Alasora sy tao amin'ny sekoly FJKM Alasora ary ny tao amin'ny Lycée tany antoerana, ireo nomen'ny Kaominina sakafo maimaimpoana ireo ny talata teo io.

**Aly**

Valanaretina coronavirus

# 2 namoy ny ainy, 21 tranga vaovao, 46 misy fahasarotana

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina Covid-19 teto Madagasikara : 21 tranga vaovao, 2 maty ny 6 jolay teo. 21 tranga vaovao hita tamin'ireo 507 nanao fitiliana afak'omaly 6 jolay 2021 : 15 Analamanga, 1 Atsinanana, 2 Matsiatra Ambony, 2 Anôsy, 1 Atsimo Atsinanana.
15 sitrana : 6 Analamanga, 5 Matsiatra Ambony, 4 Vakinankaratra.
2 namoy ny ainy tao amin'ny Faritra Anôsy. Noho izany tafakatra 929 ny olona namoy ny ainy noho ny valanaretina Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara izay tamin'ny volana martsa 2020. 46 ny tranga misy fahasarotana ankehitriny.

**Stefa**




*Tarehi-marika momba ny valanaretina coronavirus afak'omaly teto Madagasikara.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Mbola miendrika fanarian-dia ihany ny zava-misy ankehitriny

Miendrika fanarian-dia ve ny zava-misy ankehitriny, sa fisehoana fotsiny ihany mba hametrahana fa eo amin'ny fitanana andraikitra hatrany ? Tsikaritra izany amin'ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta sasantsasany na ny ankamaroany. Iarahamahalala ny toe-javamisy mifamahofaho amin'izao fotoana izao, izay avy amin'ny fitondrana ihany no rangory fototry ny afo amin'izany. Eo aloha ny resaka tsy fitoviam-pijery mandrakariva amin'ity resaka vaksiny ity, izay lasa resabe tato ho ato. Ny iray lehibe manaraka izany, dia ny momba ny lalàna na ny satan'ny mpanohitra izay toa nanaovana kajikajy politika be ihany nikendrena tanjona hafahafa ho an'ny mpandalina raha ny fahitana azy. Hahavariana ihany ny toe-draharaha raha mpanohitra no tsy hiteny sy hitabataba amin'ireny fanapahan-kevitra ireny. Hampiditra làlana kizokizo ny firenena mantsy io fanapahan-kevitra io. Mila mijery lavitra, fa tsy manao fohy fijery toy ny nifidianana lalampanorenana tamin'ny taona 2010. Aty aoriana vao mizaka ny vokany ary mampikorontana ny olom-pirenena sy ny firenena mihitsy eo amin'ny sehatra politika.
Etsy ankilan'izay mila mijery lavitra na mamakafaka lalina ihany koa ny mpanohitra ny amin'izay lalana izorana, fa fanakendana ny làlany no hita taratra, mba hahafahana mijanona eo amin'ny fitondrana maharitra. Efa tsikaritra izany, hoan'ny mpandinika, tamin'ny fihetsiky ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, ankoatra ireo parlementera mpanao lalàna roa. Ny eny Anosikely izany efa hita mazava, fa tsy misy antenain'ny mpanohitra na ny vahoaka saropiaro amin'ny fitantanana ity firenena ity raha tsy mizotra amin'ny tokony ho izy. Raha bangoina, sarotra ho an'ny vahoaka ny hanantena zavatra be amin'izao fitondrana izao. Tsy hisy fiainany hiova izany eto raha ny mbola fiasany hatramin'izay sy ny mbola tohizany hatramin'izao no jerena. Raha mihaino azy ireo dia toy ny hoe rahampitso dia hiova ny fiainan'ny Malagasy. Sarotra anefa ny hino ny fampanantenana samihafa isan'andro izao. Ny delestazy aza ity tsy afaka efa ho roa taona sy tapany nitondrany. Nidehaka ery anefa tany am-piandohana handray fitondrana, fa hoe hitondra zava-baovao amin'izay sy hahavaha io olana io ao anaty fotoana fohy, satria nambarany fa voafehiny io. Tsy izany no zava-misy iaraha-mahita sy iainana ankehitriny.

**Sôh'son**

## TONONKALO

# Gasikara mankaiza ?

Misasaka ny taom-piasana saingy tsisy fiovana.
Mitavozavoza hatrany ny mpitondra fanjakana.
Loza ny fihoerahoerany ary fatratra ny hambony,
Saingy izao ilay Gasikara, tsy ho ela dia ho rambony !

Tena tsisy zava-banona raha ny hita hatreto aloha,
Fa tena toy ny ganagana mandro sy misasa loha,
Ka samy faly hanao izay tiany ireo nomena fahefana.
Tena tsy voahaja intsony ilay hoe tany "tan-dalàna"!

Indreo ny mpiaraka misaosy, mifanohana amin`ny ratsy.
Tena zara raha jereny ireo mahantra lany vatsy.
Sombintsombiny no omeny ireo iharam-pahoriana.
(Aminy, tsy teny gasy izany atao hoe "tsy fisiana" !)

Mihoerahoera ny filoha, miteny ny Praiminisitra.
(Isika anefa aloha hatreto, faharoa amin`ny gisitra !)
Ka na mbola hofefena sy hosaronana ny marina,
`Zay aloha ny zava-misy, tsisy resaka itarina !

Asa maika sy mivaingana, tena izany izao no andrasana,
Raha tsy izany, hitohy indray ity ilay fandavaham-pasana.
...Saingy hatreto ny mpitondra, zava-kafa no ao an-tsainy :
Tsy ny ho an`ireo vahoaka fa ny hameno ny tsinainy !

***DADAN`i RIANA (04-07-21)***

Ny Valosoa sy hadihady

## Noho ny ataon'ny fitondrana Rajoelina

# Fahafaham-baraka hatrany no miseho eto amintsika

Tsy mitsahatra miseho eto amin'ity Nosy ity ny fahafahambaraka noho ny fihetsika sy ny ataon'ny fitondrana Rajoelina, manoloana ny zava-misy eo amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy. Taorian'ny namoahan'ilay mpanao gazetin'ny France 24 ny fiainan'ny mpiray Tanindrazana any Atsimo izay mahandro sy mihinana hoditr'omby efa maina entina hanaovana kapa. Niezaka nanadio tena tamin'ny alàlan'ireo tomponandraikitra isan-tokony, ka ny governoran'ny Faritra Androy no nanomboka izany. Nihevitra izao fitondrana izao fa ny adim-borotsiloza nataony tamin'ilay mpanao gazety vehivavy avy any ivelany ity dia ampy nanafenana ny zava-misy marina any Atsimo, kanjo vao mainka nampiahaka sy nampibaribary manerana izao tontolo izao ity tranga mahonena ity. Araka ny vaovao avy any aza dia niresaka momba ny any Atsimo hatramin'ny Filohan'ny Firenena Mikambana (ONU), saingy mody ny fiovaovan'ny toetrandro miteraka hain-tany no noresahany tamin'ny mpanao gazety. Efa noresahana ihany koa ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana momba ny satan'ny mpanohitra, izay raha ny marina dia fanehoana na mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana na tsia ilay sata nolanian'ny Antenimierampirenena. Tena manala baraka ny Firenena ny toe-javatra sahala amin'itony satria izao fitondrana izao ihany no namolavola ny Lalàmpanorenana ny taona 2010 ary nanamafy tamin'ny lalàna ny sata mifehy ny mpanohitra ny taona 2013. Mampiseho ny fahalemen'ny mpitondra sy ny fatahorana olona iray ity didy nivoaka ity ary heverina, fa tokony haneho ny heviny momba izany ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy raha tena mikatsaka ny tsy hisian'ny fifampiandaniana eto amin'ity Firenena anjakan'ny fifankahalana ity. Nampiseho ny tsy fisian'ny fifanajana sy fanajana ny laharam-pahefana (rang protocolaire) voafaritry ny Lalàmpanorenana ny mpitondra ny fihaonan'ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta teny amin'ny CCI Ivato. Mahamenatra tokoa raha ny manampahefana ambony eto amin'ny Firenena no tsy mahafantatra ny andraikitra sy ny fitondran-tena ary toetsaina tokony hananany, manoloana ny olona na rafi-panjakana mifanatrika aminy. Tsy vao tamin'iny fivoriana iny no nisy tranga mahamenatra toy izany, fa tamin'ireo fivoriana tahaka izao tao anatin'ny roa taona. Tsapa tamin'izany fihaonana izany fa mifamadika tanteraka ny filaharana eo amin'ny ambaratongam-pitantanana (hiérarchie), satria ny mpikambana ao amin'ny governemanta indray no lasa manaramaso sy mitsara ny solombavambahoaka. Mody tsy mahalala ireo minisitra sasany, fa zon'ny depiote tanteraka ny mangata-panazavana sy manaramaso ny asany. Azo inoana fa ilay tranga tamin'ny fivoriana ara-potoana farany, izay ny governemanta indray no nampiantso ny solombavambahoaka sasany teny amin'ny Lapan'i Mahazoarivo momba ny fandaniana lalàna iray. Tsy fahita eran-tany izany toe-javatra izany, satria ny Parlemanta no manana zo hampiantso ny governemanta, fa tsy ny mifamadika amin'izany. Na izany na tsy izany, misy ny depiote izay tsy mahalala ny andraikiny sy ny firafitry ny andrimpanjakana, ka ny mandoka ny mpikambana ao amin'ny governemanta ary mametraka ny tenany ho olom-pehezin'ny minisitra. Na tiana na tsy tiana dia mahamenatra eo imason'izao tontolo izao ny toe-javatra sahala amin'izany. Eo amin'ny fifandraisana eo amin'ireo mpiara-miombon'antoka avy any ivelany dia tena mahamenatra ny nitakian'ny Unicef ny porofo nampiasan'ny mpitondra ny vola valonjato tapitrisa dolara ny taona 2019. Tena mahamenatra mihitsy ny tsy fisian'ny mangarahara eo amin'ny fitantanan'izao fitondrana Rajoelina izao ny vola azony na avy aiza na avy aiza. Tena tsy handroso tokoa i Madagasikara, satria ny vola miditra rehetra, na nindramina na nampisamborina na avy amin'ny hetra, dia « lasa rano » avokoa. Mifandimby mitokona ny mpisehatra rehetra na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana. Tsy adino ny mpianatra sy ny mpandraharaha eny amin'ny Anjerimanontolo, ny mpitsabo mpanampy noho ny tsy fanefan'ny mpitondra ny zo tokony hisitrahany. Indray andro taorian'ny nanatanterahana ny fanadinana CEPE dia re, araka ny vaovao azo, fa mitokona ireo mpampianatra tokony hitsara ny fanadinana, any amin'ny Faritra sasany any, noho ny tsy mbola nisitrahany ny vary mangatsiakan'ny tambinkaramany tamin'ny taona lasa. Tsy amin'ireo sehatra ireo ihany no misy tranga toy izany fa eo amin'ireo mpandraharaha mpanamboatra làlana ihany koa, izay mahamenatra eo imason'izao tontolo izao. Taorian'ny fihaonan'ny governemanta sy ny saolombavambahoaka izay nitarainan'ny SEG fa be dia be sy mafy dia mafy ny fanenjehana azy dia tsy fantatra intsony na fomba entina hamiliviliana ny saim-bahoaka indray izany. Voasambotra ny olona maromaro voalaza fa nifofofo ny ainy. Raha ny marina dia tsy hitondra soa na ho an'iza na ho an'iza sady tsy hampiova na inona na inona izany fikasana izany, satria tsy ny maha eo na tsia ny olona iray no hampivoatra na tsia ny Firenena sy hampiakatra ny farimpiainan'ny valala tsy mandady harona. Tsy ho variana amin'ny sarin'ady anie ny Malagasy, satria mbola goavana dia goavana ny ady tsy maintsy hatrehiny.

***Andry Tsiavalona***

FILOHAN'I HAITI

# Maty nisy namono tao an-tranony ny filoha Jovenel Moïse



*Jovenel Moïse, filohan'i Haiti nisy namono.*

Misavorovoro ny any Haiti amin'izao fotoana, maty nisy namono tao an-tranotany Port-au Prince renivohitra, ny filohampirenena any an-toerana, ny filoha Jovenel Moïse. Nisy namono ny alin'ny talata hifoha omaly alarobia, tao amin'ny trano fonenany ny Filohan'ny Repoblikan'i Haïti, Jovenel Moïse.

Raha ny vaovao dia andian'olona tsy fantatra, izay marihina fa misy miteny espaniola ny sasany amin'izy ireo no tafiditra tao an-tranony, nitifitra ny filoha mivady. Maty tsy tra-drano tamin'izany ny filoha Jovenel Moïse, naratra mafy noho ny tifitra nahazo azy ihany koa ny vadiny Martine Moïse, ary mbola manaraka fitsaboana amin'izao fotoana izao. Niantso ny vahoaka mba ho tony ny Praiminisitra any amin'ity firenena ity Claude Joseph, nambarany fa voafehin'ny polisy sy ny miaramila Haitian ny raharaha hatreto ary manameloka izao herisetra famonoana nihàtra tamin'ny filoha Haitiana izao ny tenany. Olana any amin'ity firenena ity amin' izao fotoana ny fitontonganan'ny toekarena sy ny sosialy, izay miteraka krizy politika any an-toerana. Manjaka ihany koa ny tsy fandriampahalemana. Marihina fa firenena mahantra indrindra any amin'ny faritra Caraïbes i Haiti.

***Niaina***

Tsy ny governemanta ihany

# Fa ny filoha Rajoelina ihany koa no tsy alehany



Taorian'ny fifanatrehan'ny fahefana mpanao lalàna sy ny fahefana mpanantanteraka dia nahoraka ny resaka hoe : hiova hono ny governemanta, hisolo hatramin'ny Praiminisitra hono ary maromaro koa hono ireo minisitra hiala amin'ny toerany, dia manjaka tokoa ny honohono. Mikasika ny fifanatrehana dia nandeha ho azy ny teny Anosikely satria olon'ny fitondrana avokoa Ry 18, fa ny teny Ivato dia raharaha tsy vita mora, tsy nisomonga ny Depiote TIM, nanampy tosika koa ireo Depiote tsy miankina ary mba tsy nanaiky gisitra koa ireo Depiote IRD sasantsasany, fa dia sahy tampoka fotsiny izao. Ny azo ambara dia maro ireo fanontaniana tsy voavaly ary voaporofo fa tsy mahafehy ny asany ny ankabeazan'ireo minisitra, sady misy ireo tsy mahalala fomba, satria ny fihaonana tsy mbola vita kanefa dia nisy ireo minisitra nahavita nangoron'entana namonjy fodiana, toetra mahamenatra izany, satria sady tsy manaja ny Praminisitra lehibeny, no manao tsinontsinona ihany koa ny Antenimierampirenena, izay adika tsotra sady mazava hoe: ny vahoaka malagasy manontolo izay soloin'ny Depiote tena no tsy nasian'ireo minisitra ireo hasiny.

Tsy takona afenina koa ankehitriny fa misy ireo solombavambahoaka mikononkonona fitsipaham-pitokisana na " motion de censure" ho an' ny Praiminisitra. Ny azo antoka aloha dia tsy hahomby izany fitsipaham-pitokisana izany raha tsy ny depiote maro an'isa no mandany izany, ka ny maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena dia ny Ird, ka azo eritreretina hoe mety Ingahy Filoha Rajoelina ihany no mamporisika ambadika ireo solombavambahoaka noho ny hakanosany tsy sahy manilika mivantana an'Ingahy Praiminisitra Ntsay Christian.

Raha ny fahitana ny zava-misy hatramin'izay roa taona sy tapany nitondran'Ingahy Filoha izay dia tsy nandeha amin'ny tokony ho izy ny raharahampirenena fa vao mainka aza miha-milentika, ary voaporofo fa izy lohany mihitsy no mampikatso ny fizotran'ny raharaha. Ny antony dia satria misalovana ny anjara andraikitry ny hafa Ingahy Filoha, fa tsy mahay mitsinjara andraikitra, dia hita mibaribary fa mbola manao fampielezankevitra izy, fa tsy manatanteraka ny fandaharan'asa nifanarahany tamin'ny vahoaka.

Te hisalotra hatrany ny fahombiazan'ny fitondrana, kanefa ny mifanohitra amin'izany no miseho, hany ka mitafy fahafaham-baraka hatrany Ingahy Filoha.

Ireo mpila ranondranony aminy moa dia mahavita miteny hoe tsy maharaka ny hafainganampandehan'Ingahy Filoha hono ireo mpiaramiasa aminy, izay aleo hitsiana avy hatrany fa hevi-diso izany, satria ny fitavozavozan'ity Filoha ity no nampidikizo hatrany ny firenena.

Ka raha misy ny fikasana hanova governemanta, dia mety tsy hitondra soa ho an'ny firenena izany, fa na ho soloina manontolo aza ireo mpikambana dia tsy hisy vokany izany, satria ilay lohany mihitsy no matsatso, izay tsy mahagaga satria fandresena azo tamin'ny "doublon" ny naha filoha azy, ary tsy takona afenina fa matoa misy ireo minisitra tsy niharitra hatramin'ny farany ny fihaonana tamin'ny Antenimierampirenena dia voaporofo, fa gaboraraka tanteraka ny fomba fiasa ao andapa, vokatry ny tsy fahafehazan'Ingahy Filoha ireo olona eo ambany fiadidiany, aiza ka any amin'ny fandaharana mivantana amin'ny fahitalavitra no misy minisitra mitsatsaingoka, kanefa eo ilay Filoha.

Koa inona moa izany fa tsy Ingahy Filoha mihitsy no tsy alehany, ny fanafodiny dia tsy fanovana governemanta na "motion de censure" fa " motion de dechéance" mihintsy no tokony hisy.

***Ny Valosoa***

ALLIANCE DIASPORA MALAGASY

# Mahay miray hina ireo Malagasy any ivelany ao aminy



*Ny filohan'ny Alliance Diaspora any Eoropa, Amirale Van Alexandre (mikabary).*

Tontosa soa amantsara ny fihaonan'ny Alliance Diaspora Malagasy izay natao tany Paris renivohitr'i Frantsa, ny 26 jona lasa teo, sady fotoana ihany koa nankalazana ny fetim-pirenena Malagasy tany ivelan'i Madagasikara. Maro ireo Malagasy avy lavitra, na avy any Eoropa manontolo, na avy ao Frantsa ihany, no tonga nanatrika izany fihaonana izany. Nahafinaritra ny fihaonana ary hita sy tsapa tokoa fa mangetaheta firaisankina ny malagasy any ivelany. Nilaza ny filohan'ny Alliance Diaspora Amirale Van Alexandre: ny tanjona dia ny ampisehoana amin'izao tontolo izao, fa mahay miray hina ny Malagasy ary manaja fatratra ny fihavanana. Tamin'io fotoana io ihany koa dia niaraka nankalaza ny tsingerenan'ny taona nahaterahan'ny mpikambana tao amin'ny Alliance Diaspora izy ireo : tsy iza izany fa ny mpanakanto Rijade, izay any ivelany koa amin'izao fotoana.

***Isambilo***

Kaominina Ampitatafika Atsimondrano

# Tsy diso anjara tamin'ny fampisakafoana ireo mpanala CEPE



*Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika, nizara sakafo maimaimpoana, tamin'ireo mpanala fanadinana CEPE.*

Tsy diso anjara tamin'ny fampisakafoana ireo mpanala fanadinam-panjakana CEPE koa ny tao amin'ny kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, ny talata atoandro teo. Toy ny fanaony isan-taona dia nisy ny fizarana sakafo ho an'ireo ankizy mpanala fanadinana CEPE avy amin'ny kaominina Ampitatafika, izay tarihin'ny ben'ny tanàna Rado Ramparaoelina, ben'ny tanàna voafidy tamin'ny anaran'ny Tiako i Madagasikara (TIM). Vary sy akoho ary lasary efa anaty barquette, miaraka amin'ny biscuit sy akondro, no nozaraina tamin'izany ary olona miisa 1400 teo izy ireo, no nisitraka izany tao amin'ny foibem-panadinana 3 tao Ampitatafika dia ny CEG Faliarivo, EPP Sabotsy Kely ary ny EPP Ambodiafontsy, izay ahitana ireo mpiadina, ireo mpiandry ireo mpanala fanadinana na jury ary ny ao amin'ny secrétariat. Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika Rado Ramparaoelina dia mirary fahombiazana ho an'ireo mpanala fanadinana CEPE rehetra, indrindra fa ireo nanala fanadinana tao amin'ny foibem-panadinana Ampitatafika.

***Stefa***

## Mazotoa mihira

***19 taona ny 3 jolay teo ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), noho izay antony izay, rariny raha mbola haverina atolotr antsika androany ny hira fanevan'ity antoko ity. Hiram-pandresena. Dia mazotoa mihira ary e!***

### HIRAM-PANDRESENA

Ny firenena izay ho atsangatsika
Dia firenena tena vanona
Ka andeha hiaraka hihira isika hoe :
Tiako i Madagasikara.


Ka sahia andeha hiara-dia
Aza kanosa fa avia ;
Ravalomanana no hitondra antsika
Fa mandresy no toromarika.

Finoana,fahamarinana,
Fahamasinana no filamatra.
Ny herim-po sy fitiavana
No hanavotra ity firenena .

Ka sahia andeha hiara-dia
Aza kanosa fa avia;
Ravalomanana no hitondra antsika
Fa mandroso no toromarika.

Ny hakinganao sy ny fahaizanao
No tokinay Ravalomanana ô !
Ry malagasy aza matahotra
Fa ho azonao ilay tany vaovao.

***Mpihira: Bodo.***
***Mpamorona: Ny filoha Marc Ravalomanana.***




## Sakafo Ny Valosoa



Vily na bichiques saosy indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy ary lasary tômaty, na lasary voatabia koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly ho fanafan'ny sempotra, ny kohaka ary rehoka



Fomba natoraly ho fanafan'ny sempotra, ny lohaka, ny rehoka amin'ny tratra indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina : mananasy iray, tamenak'atody roa, tantely na siramamy. Fikarakarana: sasana ilay mananasy vao voasana ary tetehana ho boribory, avy eo rarahana siramamy mba hivoaka ilay jus, raha toa ka tsy misy mixeur. Raha misy dia mixer-na tsy hasiana rano. Rehefa vita izay dia hafangaroy ilay tamenak'atody sy tantely. Ary avelao maka aina kely vao misotro 1 sotro kely, na 1 sotro lehibe.
Raha zaza 2 ka hatramin'ny 4 taona dia 1 sotro kely, atao in-3 fois isan'andro. Raha zaza 5 taona, ka hatramin'ny olon-dehibe 90 taona na mihoatra, 1 sotro lehibe : maraina atoandro, hariva.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambalanjanakomby any amin'ny distrikan'i Maevatanana, faritra Betsiboka

Ny tanànan'Ambalanjanakomby any amin'ny distrikan'i Maevatanana, any amin'ny faritra Betsiboka indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambalanjanakomby, iray amin'ireo kaominina miisa 18 mandrafitra ny distrikan'i Maevatanana ity tanàna ity. Any amin'ny faritra avaratry ny faritra Betsiboka no misy azy, lalovan'ny lalampirenena faha-4 (RN4). Tsy dia mbola avo toerana izy satria 78 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamokatra vary ny mponina any Ambalanjanakomby, mamokatra haninkotrana isan-karazany koa, mamokatra tongolo. Ankoatra izany, mpiompy omby ny any an-toerana.



## NY TENY FIAINANA

*"Hianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra; fa ankasitrahana ao amin'ny Tompo izany."*

***Kolosiana 3:20***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Caravane du Sud : toa tsisy tohiny intsony fa vonjy tavanandro fotsiny




**Gaël Pat Andriah :** RESAKA FOTSINY. Tadidinareo ve ny horakoraka niaraka tamin'ny feonkira na Film VanDame be tamin'itony Caravane dy Sud itony ? Hay fampiesonana sy Werawera fotsiny fa vary iray vilia kely no naterina tany Atsimo...
- Tsy mahamenatra ny mangataka ny «Formule n'ilay Vatsinankohonana» any amin'ny Onitiana Realy fa iny no matotra
- Caravane du Sud e !
- Citernes Bobaka be e !
- Hanao forages amanjatony e !
Ny selfie amzany feno ny rindrin'ny Facebook nao , de hoe tena izy mihitsy ty fa tsy tantara e !...
Kay resaka laisoa sy karaoty fotsiny. Hihihiiiii!

**Patrick Andrianina :** dia io Misandoka asan'olonkafa io sisa mba fara herin'ilay Fitondrana fa lasa rano daholo ireo nolazainy rehetra hatreto.

**Gaël Pat Andriah :** tsisy matina kere sy mitsoaka mankany amin' ny ville zany raha tsy tamin'ity fitondrana Rajoelina mianakavy nitondra ty... Fohy fisainana mihitsy ilay mpomba ny fitondrana amin'izao, hita fa tsy mahavita ilay fitondrana Rajoelina fa vonjy tavanandro fotsiny ihany hatreto ny zavatra ataony.

**Gabriel Razafiarison :** ny toy izao ilay hoe manome trondro ny olona, fa tsy manome fintana hiavotany. Vonjy tavanandro sy vahaolana tefy maika hatrany ny an'izao fitondrana Rajoelina izao, raha ny mahakasika ireo olana samy hafa eto amin'ny firenena no resahana.

**Gaël Pat Andriah :** CARAVANE SUICIDE ireny caravane natao ireo satria tsy misy ny tohiny hatramin'izao, sady tsy izany no ilain'ny any an-toerana fa vahaolana maharitra.

**Erick Rakotoarijaona :** lainga raofina na propavandy Reny eu ! caravane a, caravane, nefa nandalo dia niserana fotsiny.

**Gaël Pat Andriah :** ny hanina kely roa andro sy 3 andro aloha dia vitan'ny Foza tsara e... maka sary sy selfie amin'iny ry lerony dia hiwerawerany amin'ny facebook nefa ny réalité dia miakatra ville mitsoaka daholo ny mponina... ary ny nataon'ny teo aloha rehetra dia efficace nefa tsy tohizan'izo fitondrana Rajoelina izao.

**Jérôme Lemzava :** anisan'ny solution tamin'ny fitondran'ny Président Marc Ravalomanana ny tokony nanapariahana ny famokarana sorgho tany amin'iny Sud an'i Madagascar iny.

**Gaël Pat Andriah :** Caravanes du Sud ko no be dia be no miakatra VILLE AMZAO MITADY SAKAFO?... Ny matin'ny kere sy ny mihinankinam-poana amin'izany efa partout... ka caravane inona no caravane...

**Mamy Nantenaina :** tapaka ny tsinaiko marina, sary indray mipika fotsiny tokoa ilay caravane, tsy ho vitan'izy ireo koa ny hanoa izany mandavantaona, ny fitondrana aza mitain-kidintrano amin'izao fotoana, tsy misy vola.

**Justin Mathias Rasolovoavy :** kapohy mora2 fotsin hoa fa aza velesin mafy be sao maty eo, hita fa efa fitondrana tsy mamokatra reo.

**Cathia Rakotobearisoa:** caravane sary indray mipika iny e! tsy hiverina intsony indray angamba raha tsy rehefa akaiky ny fifidianana.

**Jonas Longosoa:** natao hakà sary tany amin'ny kere avao reny, fa tsy misy impact amin'ireo olo kere. Geste technique no maro, fa fitondrana tsy mahavoa raha fitondrana Rajoelina ty!

**Nambinina Gabriella:** natao nakana selfie tany Atsimo fotsiny ilay caravane, far aha ny vokany dia tsy hita ho an'ireo olona kere, mitombo ihany ny olonja noana any an-toerana, nisy aza ireo nihinana hoditra, arak'ilay vaovao navoakan'ilay teraatany Malagasy miasa amin'ny France 24 sy TV5 Monde. Loza!

**Jonathan Ramanambina:** tsy misy marina azo hafenina izany intsony eto, nivoaka ny marina momba ny kere tany Atsimo iny navoakan'i Gaelle Borgia, mbola hisy koa aza ny zavatra hafa havoakany. Efa navoakany ny mahakasika ilay mpaminany Breziliana tsy masina an-taniny, nilaza ny tsy fahombiazan'ny CVO.

**Gaëtan Rakotoson:** efa tsy lasa intsony ity fitondrana ity raha resaka sosialin'ny mponina no resahana, kofehy kely sisa mitazona azy dia hidaraboka io, ary tena hitontona mafy be mihitsy raha vao tonga izay fotoana izay!

### « COSAFA CUP SÉNIOR » 2021

## Tsy nandray anjara ny Barea Malagasy noho ny coronavirus

Nanambara ny FMF « Fédération Malagasy de Football », fa tsy mandray anjara amin'ny fifaninanana baolina kitra "Cosafa Cup Sénior 2021" ny Barean'i Madagascar noho ny toedraharana ara-pahasalamana, fisian'ny valanaretina coronavirus, sy ny variant delta, izay misy any Afrika Atsimo, anatanterahana ny hetsika nanomboka omaly alarobia 7 jolay 2021, izay ahitana fiparitahan'ny valanaretina be tokoa ankehitriny. Fantatra fa anisan'ny firenena tsy handray anjara amin' ity fifaninanana ity koa ny nosy Comores, ka dia lasa firenena 10 izany sisa no mandray anjara amin'ity Cosfa Cup Sénior 2021 ity dia i Afrique du Sud, Lesotho, Eswatini, Botswana, Zambia, Malawi, Sénégal, Zimbabwe, Mozambique ary Namibie.



*Ny Barea niatrika ny Cosafa Cup tamin'ny fifaninanana teo aloha.*

**Rainilita**

### Basket Malagasy

## Niova ny fandaharam-potoanan'ny Federasiona 2021

Fiovan'ny « programme d'activité 2021 de la Fédération de basket-ball ». Noho ny fiovan'ny « calendrier scolaire 2021-2022 » dia namoaka fanambarana ny FMBB « Fédération Malagasy de Basket Ball » fa miova ihany koa ny « programme d'activité 2021 » an'izy ireo : Cirétérium U 12 zazalahy sy zazavavy : ho tanterahina amin'ny 31 jolay ka hatramin'ny 07 aogositra 2021, fa tsy amin'ny 25 jolay ka hatramin'ny 01 aogositra 2021, hatao eto amin'ny « Ligue Régionale Analamanga ». Championnats Nationaux U 16 zatovolahy sy zatovovavy : ho tanterahina amin'ny 21 ka hatramin'ny 29 jolay 2021, fa tsy amin'ny 12 septambra ka hatao eto amin'ny « Ligue Régionale Analamanga » ihany koa. Championnats Nationaux U 18 tovolahy sy tovovavy : ho tanterahina amin'ny 28 aogositra ka hatramin'ny 05 septambra 2021 any amin'ny « Ligue Régionale Vakinankaratra », fa tsy amin'ny 18 ka hatramin'ny 26 septambra 2021. Championnats Nationaux N 1B vehivavy sy U 20 zatovolahy : ho tanterahina amin'ny 11 ka hatramin'ny 19 septambra 2021 any amin'ny « Ligue Régionale Boeny », fa tsy amin'ny 04 ka hatramin'ny 12 septambra 2021. Ireto fandaharam-potoana manaraka ireto kosa dia tsy hisy fiovana : Championnats Nationaux N 1A lahy sy vavy « phase 1 » : ho tanterahina amin'ny 10 ka hatramin'ny 18 jolay 2021 any amin'ny "Ligue Régionale Haute Matsiatra". Championnats Nationaux U 14 zazalahy sy zazavavy : ho tanterahina amin'ny 07 ka hatramin'ny 15 aogositra 2021 any amin'ny " Ligue Régionale Atsinanana". Championnats Nationaux N 1B lehilahy : ho tanterahina amin'ny 21 ka hatramin'ny 29 aogositra 2021 any amin'ny "Ligue Sava". Championnats Nationaux Vétérans lehilahy sy vehivavy : ho tanterahina amin'ny 10 ka hatramin'ny 18 jolay 2021 any amin'ny "Ligue Régionale Atsimo Andrefana". Championnats Nationaux N1A lahy sy vavy « phase 2 » : ho tanterahina amin'ny 02 ka hatramin'ny 12 ôktôbra 2021 eto amin'ny "Ligue Régionale Analamanga".



*Mpilalao basikety Malagasy.*

***Rainilita***

### Volley-ball Malagasy

## Miova koa ny « Programme d'activité 2021 »

Noho ny fanavaozana ny « Calendrier Scolaire 2021-2022» dia miova ihany koa ny « Programme d'activités, Saison Sportive 2021 », eo amin'ny taranja Volleyball Malagasy ka : Ny « Coupe de Madagascar jeunes U16-U20 » dia ho tanterahina amin'ny 21 - 29 août 2021 (Tana). Ny « Championnat de Madagascar 2ème division sy vétérans » : 04 - 11 septembre 2021 (Antsirabe). Ny «Championnat de Madagascar 1ère division » : 18 - 26 septembre 2021 (Tana). Ny « Coupe de Madagascar U23 sy Loisirs Mixtes » : 30 oct - 07 nov 2021 (Fianarantsoa). Ny «Championnat de Madagascar Beach Volley - 2ème Circuit » : 23-24-25 juillet 2021 (Majunga) ary ny 3ème Circuit : 18-19-20 décembre 2021 (Tuléar).



*Mpilalao volley ball Malagasy.*

**Rainilita**

TOAMASINA

# Saika ho isan'andro no misy halatra moto

Mikaikaika ireo olona manana moto amin'izao fotoana any Toamasina, noho ny fisian'ny halatra moto any an-toerana, saika ho isan'andro. Araka ny vaovao nampitain'ny mpitandro filaminana any an-toerana, saika nahazo vahana tato ho ato ny halatra moto, ary mila ho isan' andro mihitsy izany. Omaly dia tratran'ny FIP Toamasina any amin'ny faritra Atsinanana ny lehilahy miisa 3 mpangalatra moto. Raha ny fantatra dia tambazotra mihitsy izy ireo ary mbola karohina ny mpiara-miasa aminy amin'izao. Tratra niaraka tamin'ireto farany ny moto nangalariny ny alin'ny sabotsy hifoha ny alahady 04 jolay tao amin'ny tokantrano iray tao Andranomadio.

**Niaina**



*Ireo mpangalatra moto sarona tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana.*

Jirama

# Hikorontana ny famatsian-drano amin'ny toerana maromaro anio




*Ireo toerana hikorontana ny famatsian-drano azy ireo.*

Nanambara ny orinasa Jirama, fa toerana maromaro eto Antananarivo sy ny manodidina, no hikorontana ny famatsian-drano azy ireo anio. Araka ny fanambarana : " ao anatin'ny ezaka fampitomboana ny famokarandrano eto amin'ny tambazotra fitsinjarana rano fisotro madio eto Antananarivo, dia vita ny ampahany amin'ny foto-drafitr'asa Mandroseza II bis, ka hampiditra ny rano vaovao anaty tambazotra fitsinjarana isika. Hampiditra ny fantsona avy amin'io toby vaovao io mankany amin'ny mpanjifa isika miainga amin'ny tambazotra fitsinjarana efa miasa, ka hisy fikorontanana ny famatsian-drano amin'ireto toerana voalaza etsy ambany ireto. Alakamisy 8 Jolay 2021 eo anelanelan'ny amin'ny 8ora maraina ka hatramin'ny 9ora alina. Ny famatsian-drano dia hiverina miandalana aorian'ny fahavitan'ny asa. Ny jirama dia maneho fialantsiny indrindra noho ny fanelingelenana ateraky ny asa".

**Niaina**

Copa America 2021

# Brezila sy Argentine no hiatrika ny lalao famaranana

Ho lasan'i Neymar sa ho lasan'i Messi ny amboaran'ny Copa America 2021. Dia ho fifanandrinana mivantana eo amin'ny kalaza Neymar Jr (Brésil) sy Lionel Messi (Argentine) ny lalao famaranana amin'ny Copa America 2021 amin'ny alahady 11 jolay 2021 ho avy izao, any Brésil. Tetsy andaniny i Brésil nandavo an'i Pérou 1-0 teo amin'ny ankatoky ny famaranana ary i Argentine ankilany, nandresy an'i Colombie 1(3) – 1(2). Marihana fa ao anatin'ireo lisitra 15 amin'ireo mpilalao baolina mendrika indrindra maneran-tany hiady ny ballon d'or 2021 izy mirahalahy ireo, lisitra ahitana an'i Lionel Messi, Harry Kane, N'Golo Kanté, Cristiano Ronaldo, Robert Lewandowski, Kylian Mbappé, Neymar, Rahim Sterling, Kevin De Bruyne, Romelu Lukaku, Ciro Immobile, Phil Foden, Erling Haaland, Monture Maçon, Serge Gnabry.

**Rainilita**



*Neymar sy Messi, mpilalao sangany ao amin'ny ekipa roa tonta.*

Ambanja faritra Diana

# Orinasa mpanamboatra basy sy bala saron'ny zandary

Orinasa mpanamboatra basy sy bala no tra-tehaky ny zandarimariam-pirenena tany Ambaibo, distrikan'Ambanja faritra Diana. Fitaovam-piadiana maro toy ny ny pistolet, basy lava, bala sy karazana fanalahidy, ary fitaovana fanamboarana basy, ireo no tratra nandritra ny hetsika notarihin'ny Capitaine Tombosily Alidy Martino, komandin'ny Compagnie Ambilobe niaraka tamin'ny Capitaine Antrefy Nomenjanahary Solofo Tahiana Offcoord ao Ambanja. Mitohy kosa ny fikarohana ireo olon-dratsy. Anisan'ny faritra isian'ny tsy fandriampalemana eto amintsika ny any Ambanja sy Ambilobe noho ny fisian'ny toerana fambolena zavamahadomelina any Analabe any amin'iny faritra iny.

**Stefa**



*Ireo zavatra maro samy hafa saron'ny zandary any Ambanja.*

Euro 2020 (2021)

# Italie no tafita voalohany amin'ny famaranana

Italie na ny Squadra Azzura no ekipa tafita voalohany hiatrika ny lalao famaranana eo amin'ny fifaninanana Euro 2020 (2021), amin'ny alahady 11 jolay ho avy izao, rehefa nandavo ny ekipan'i Espagne teo amin'ny "tirs au but" 4-2, tamin'ny talata 06 jolay 2021 lasa teo. Iray amin'ny ekipan'i Danemark sy ny ekipan'i Angleterre, no hikatroka aminy eo amin'ny lalao famaranana ho tontosaina amin'ny alahady 11 jolay izao any Londres.

**Rainilita**



*Hafaliana mpilalaon'i Italia tafakatra amin'ny lalao famaranan'ny Euro 2020.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**03/07/2021 hatramin'ny 10/07/2021**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78 / 032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07 / 034 22 222 07 / 033 85 991 20 / 032 24 705 51
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17 / 033 05 207 17 / 034 05 207 17 / 032 05 207 17
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81 / 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1182-07-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### TSENABEN'NY FIZAHANTANY

# Mandritra ny hateloana etsy amin'ny zaridaina Antaninarenina



*Maro ireo toerana kanto mahasarika olona eto Madagasikara.*

Nanomboka androany ary haharitra hateloana etsy amin'ny zaridaina Antaninarenina ny Tsenaben'ny Fizahantany andiany faha-3, karakarain'ireo matihanina eo amin'ity sehatry ny fizahantany ity eto amintsika. Ny fampiroboroboana ny fizahantany anatiny no anisan'ny tanjona amin'izao hetsika izao, noho ny mbola fikatonan'ny sisintanin'i Madagasikara, noho ny valanaretina coronavirus, ka mbola tsy ahatongavan'ireo mpizahatany avy any ivelany. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra, misy ireo tolotra tadiavintsika sy mety amintsika rehetra eny amin'io Tsenaben'ny Fizahantany io, raha mahakasika ny fizahantany anatiny no resahana, isan'andro ny fotoana dia manomboka amin'ny 9 ora maraina, ka tsy mifarana raha tsy amin'ny 5 ora hariva. Tsy ireo mpandraharaha momba ny fizahantany eto an-drenivohitra sy ny manodidina ihany no mandray anjara amin'izao hetsika izao, fa misy ihany koa ireo avy any amin'ny faritra. Rahampitso zoma 9 jolay 2021 manomboka amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 10 ora, hisy ny fifanakalozan-kevitra amin'ny tanora, hataon'ireo mpandraharaha momba ny fizahantany, mandray anjara amin'izao tsenabe izao.

***Aly***

Fitaterana sy fifamoivoizana

# Mety hampidi-doza ny fandanjana kamiao ao Ambatolampy

Nanamarika ireo mpitatitra mampiasa kamiao na fiara vaventy eto amintsika, raha tafaresaka tamin'ny mpanao gazetin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, fa mety hampidi-doza ny fandanjana fiara vaventy ao Ambatolampy faritra Vakinankaratra, satria fiakarambe izany toerana izany raha avy aty Antananarivo, mihazo ny lalampirenena faha-7 mianatsimo. Mety hiseho ny loza hoy ireo mpitatitra amin'ny fiakarana an'Ambatolampy, satria tsy vitsy izay kamiao nitambotsitra niverina izay tato ho ato rehefa tena feno entana izy ireny, mety tsy hahatana intsony ny hisatra, ka mety hiteraka loza mahatsiravina, ka hanairan'izy ireo ny tompon'andraikitra ny ho famindrana io toeram-pandanjana ao Ambatolampy io amin'ny toerana lemaka amin'iny RN7 iny ihany. Miresaka ity lalampirenena faha-7 ity ihany, itarainan'ireo mpitatitra sy ny mpampiasa izany lalana izany koa ny faharatsiany, manimba ny fiara hoy izy ireo, mampitombo ny solika ampiasaina koa, noho ny fotoana be lany amin'izay faharatsian'ny lalana izay.


***Niaina***



*Ny fiakarana ao amin'ny toeram-pandanjana fiara vaventy ao Ambatolampy.*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 355

BEHARO




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0354)

***Mitsivalana***
- Varahina
- Alefa – La (miv)
- Lahy – Ory
- Omena – Ak(o)
- Sotasota
- Roa (miv)
- Liana (miv) – AR

***Mitsangana***
- Valosoa
- Alamo
- Rehetra
- Afina
- Ha – Lasa (miv)
- OO
- Naratra
- Alika

## TENY MIFANAPAKA N° 355



**Mitsivalana**

**1.** Zava-mahadomelin – Naoty **2.** Mari-drefy – Marika (miv) **3.** Nanolorana **4.** Reraka – Mampitovy ny rano sy tany **5.** Miahy sy manolo **6.** Solfa – Fisotro **7.** Nisy fanampiny – Maharitra **8.** Mamoha tampoka (miv) – **9.** Asa tànana (miv) – Mamarana ny teninay **10.** Heloka – Taranja fianarana

**Mitsangana**

**A.** Fanafody azo amin'ny taolana **B.** Minitra maromaro – Namana sy tapaka (miv) **D.** Naka tsy niera **E.** Namarana (BR) **F.** Ray Tsitoha (miv) – Voankazo (BR) **G.** Alanay **H.** Mora bataina – Teny mandrara **I.** Zanak'i Dada – Loko (miv) **J.** Kapoka – Simba sy masiso (miv) – Matanjaka **K.** Mampalaza ny fahavaratra – Miantso

### Valiny Teny mifanaraka 0354

**Mitsivalana**

**1.** Fanalahidy **2.** Bala (miv) - Noa **3.** Katolika **4.** Ikoto (miv) - II **5.** Nilatsaka **6.** Kary **7.** Latsabato **8.** Otra - Ony **9.** Niakaranao **10.** Ha (miv) - Anio - TT

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Aty - Hita (miv) **D.** Natolotra **E.** Aloka - Saka **F.** Lalitra - AN **G.** Aby - Bory **H.** Kiaka - Ao **I.** Notakianay (miv) **J.** Do - Tanora (miv) **K.** Iray - Toy (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Mitohy ny fankalazana ny faha-19 taonan'ny antoko TIM teny Faravohitra.









Ireo vehivavy TIM tao amin'ny QG Ampandrana, hanomana ny hetsika lehibe amin'ny sabotsy izao.







